# Izay mahita ny mpanao ny tsy rariny ka tsy nosakanany dia mety alefan'I Allah amin'ny rehetra ny saziny

Tatitra azo avy tamin'i Abo Bakri sidiq (R.A) niteny manao hoe : ry olombelona, ianareo dia mamaky ity andininy masina ity : {o ianareo mpino, tompon'andraikitra amin'ny tenanareo ianao ka tsy haninona anareo velively izay very làlana raha mizotra amin'ny làla-marina ianareo}, izaho nandre an'ny mpaminany (S.A.W) niteny manao hoe : "Izay mahita ny mpanao ny tsy rariny ka tsy nosakanany dia mety alefan'I Allah amin'ny rehetra ny saziny".
[Mari-pototra] [Notantarain'i Abo Daòd, Al-Tirmizì, Al-Nasàì ao amin'ny Al-Kobra, Ibn Màjah, ary Ahmad]

Nilaza i Abo Bakri Sidik (R.A) hoe : ny olona rehetra dia mamaky ity andininy ity : {ôianareo mpino, tompon'andraikitra amin'ny tenanareo ianao ka tsy haninona anareo velively izay very làlana raha mizotra amin'ny làla-marina ianareo} [Al-maida : 105]. Ny nahazoan'izy ireo izany dia ny hoe : adidin'ny olona tsirairay ny manarina ny tenany fotsiny, ary tsy misy fiantraikany aminy ny fahaverezan'izay very làlana aorian'izany, ary tsy takina amin'izy ireo ny famporisiana amin'ny fanaovan-tsoa sy ny fanakanana amin'ny ratsy! Ka nampianariny azy ireo fa ny andininy dia tsy tahak'izany, ary izy dia nandre an'ny Mpaminany (SAW) niteny manao hoe: Ny olona raha mahita ny mpanao ny tsy rariny ka tsy nosakanany amin'ny tsy rariny izay nataony, nefa ananany fahefana ny manakana azy, dia saika ho atambatr'I Allah ao amin'ny saziny avokoa, ny mpanao ny ratsy sy izay mangina amin'izany.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3470

النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee